

PERIKOPA ALAHADY 28 Jolay 2024
(Péricope du Dimanche 28 Juillet 2024)

Salamo / Psaume 78
2 Mpanjaka / 2 Rois 4 : 42 - 44
Efesiana / Ephésiens 4 : 1 - 6
Jaona/ Jean 6 : 1 - 15

**« Amin’ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemem-panahy, amin’ny fahari-po,
mifandefitra amin’ny fitiavana,
mazotoa mitana ny firaisana avy amin’ny Fanahy amin’ny fehim-pihavanana. »**
Efesiana 4.2-3

*« En toute humilité et douceur, avec patience,
supportez-vous les uns les autres dans l’amour.
Efforcez-vous de conserver l’unité de l’Esprit par le lien de la paix. »*
Ephésiens 4.2-3

SALAMO 78 (MRV)

- 1 Henoy ny fampianarako, ry oloko! Atongilano ny sofinareo amin’ny tenin’ny vavako.
- 2 Hiloa-bava hilaza fanoharana aho! Hanonona ankamantatra efa hatry ny ela aho.
- 3 Izay efa rentsika sy fantatsika ary nambaran’ny razantsika tamintsika
- 4 dia tsy mba hafenintsika amin’ny zanany, fa hambarantsika amin’ny taranaka ho avy ny fiderana NY TOMPO sy ny heriny ary ny fahagagana nataony.
- 5 Fa nanorina teny vavolombelona teo amin’i Jakoba Izy ary teo amin’ny Israely no nametrahany lalàna izay nandidiany ny razantsika, hampahafantariny ny zanany,
- 6 mba hahafantatra izany ny taranaka ho avy, dia ny zaza mbola hateraka, ka hitsangana hitory izany amin’ny zanany kosa.
- 7 Hametraka ny fanantenany amin’Andriamanitra izy ka tsy hanadino ny asany fa hitandrina ny didiny;
- 8 tsy ho tahaka ny razany izay taranaka maditra sy mpiodina, izy, dia taranaka izay tsy nampiorina ny fony sady tsy marina tamin’Andriamanitra ny fanahiny.
- 9 Ny zanak’i Efraïma izay nitondra tsipika hitifirany dia niamboho tamin’ny andron’ny ady.
- 10 Tsy nitandrina ny faneken’Andriamanitra izy ary tsy nety nandeha araka ny lalànany.
- 11 Nohadinoiny ny asany sy ny fahagagana izay nampahitany azy.
- 12 Teo anatrehan’ny razany no nanaovany fahagagana tany amin’ny tany Ejipta, dia tany amin’ny tany lemak’i Zoana.
- 13 Nampisaraka ny ranomasina Izy ka nitondra azy nita, dia nampijoro ny rano ho toy ny antontan-javatra.
- 14 Tamin’ny rahona no nitarihany azy raha antoandro ary afo mahazava nony alina.
- 15 Namaky vatolampy tany an-tany efitra Izy ka nampigoka azy tahaka ny tamin’ny ranon’ny lalina.
- 16 Nampivoaka rano mandriaka avy tamin’ny harambato Izy ka nampirotsaka rano ho tahaka ny ony.
- 17 Kanjo mbola nandroso nanota Taminy ihany izy ireo ka nampahatezitra ny Avo Indrindra tany an-tany efitra.
- 18 Naka fanahy an’Andriamanitra tao am-pony izy tamin’ny nilany hanina araka izay nahaliana azy.
- 19 Dia niteny nanohitra an’Andriamanitra izy hoe: Mahay mamelatratra latabatra atỳ an-tany efitra va Andriamanitra?
- 20 Indro, nikapoka ny vatolampy Izy dia nigororoana ny rano ka nandriaka; mahay manome mofo koa va Izy? Mahatonga hena ho an’ny olony va Izy?
- 21 Nony ren’NY TOMPO izany dia tezitra Izy; nisy afo nirehitra tamin’i Jakoba sady nisy fahatezerana namely an’Israely,
- 22 satria tsy nino an’Andriamanitra izy ireo ka tsy natoky ny famonjeny.

23 Kanefa nandidy ny rahona tany ambony Izy ary ny varavaran'ny lanitra no novohany,
24 dia nampirotsaka mana taminy mba hohaniny Izy ary varin'ny lanitra no nomeny azy.
25 Ny fihinan'ny mahery no nohanin'ny olona; nandefasany hanina hahavoky azy izy.
26 Nampandeha ny rivotra avy any atsinanana teny amin'ny lanitra Izy ary ny heriny no nitondrany ny rivotra avy any atsimo;
27 dia nampilatsahany hena betsaka ohatra ny vovoka izy sy voromanidina ohatra ny fasiky ny ranomasina
28 ka nalatsany teny afovoan'ny tobiny manodidina ny fitoerany.
29 Dia nihinana izy ireo ka voky tsara ary izay nilainy dia nomeny azy.
30 Nefa tsy niala tamin'ny filany izy ary mbola teo am-bavany ihany ny haniny
31 raha nirehitra taminy ny fahatezeran'Andriamanitra ka nahafatesany ny tremalahy teo aminy ary naripany ny zatovolahin'ny Israely.
32 Tamin'izany rehetra izany anefa dia mbola nanota ihany izy ireo ka tsy nino ny fahagagana nataony.
33 Dia nanapitra ny androny tao anatin'ny zava-poana Izy ary ny taonany tao amin'ny horohoro.
34 Rehefa nisy novonoiny tamin'ireo dia nitady Azy izy dia niverina, dia nikatsaka Azy fatratra.
35 Dia nahatsiaro izy fa Andriamanitra no vatolampiny ary Andriamanitra Avo Indrindra no Mpanavotra azy.
36 Kanefa namitaka Azy tamin'ny vavany ireo ary tamin'ny lelany no nandaingany Taminy.
37 Ny fony dia tsy niorina Taminy akory; eny, tsy nitana ny fanekeny izy.
38 Nefa Andriamanitra dia be famindrampo ka mamela heloka fa tsy mandringana; eny, nahatsindry fo tokoa Izy ka tsy nofohaziny avokoa ny fahavinirany.
39 Nahatsiaro Izy fa nofo ihany ireo, rivotra izay mandalo ka tsy miverina intsony.
40 Impiry akory izy ireo no efa nikomy Taminy tany an-tany efitra ka nampalahelo Azy tany an-tany foana!
41 Naka fanahy an'Andriamanitra mandrakariva izy ka nampalahelo ny Iray Masin'ny Israely.
42 Tsy mba tsaroany ny namonjeny azy, na ny andro izay nanavotany azy tamin'ny fahavalo,
43 izay nanaovany famantarana tany Ejipta sy fahagagana tany an-tany lemak'i Zoana:
44 Nampody ny oniny ho ra Izy ary ny reniranony dia tsy azony nisotroana.
45 Nandefa fihitra betsaka hamely azy Izy ka nandany azy ireny ary sahona ka nanimba azy ireny.
46 Dia nanome ny vokatry ny taniny ho an'ny sompanga Izy ary ny vokatry ny asany ho an'ny valala.
47 Namono ny voalobony tamin'ny havandra Izy ary ny aviaviny tamin'ny havandra vaventy.
48 Dia nanolotra ny biby fiompiny ho an'ny havandra Izy ary ny omby aman'ondriny ho an'ny varatra.
49 Nandatsaka ny fahatezerany mirehitra taminy Izy; eny, fahavinirana sy fahatezerana ary fampahoriana, dia anjely maro mitondra loza.
50 Nanamboatra lalana ho an'ny fahatezerany Izy ary tsy niaro ny ain'ireo tamin'ny fahafatesana, fa nanolotra azy ho lanin'ny areti-mandringana.
51 Namely ny lahimatoa rehetra tany Ejipta Izy, dia ny voalohan-terany tany an-dain'i Hama.
52 Namindra toerana ny olony toy ny ondry Izy ary nitarika azy tany an-tany efitra toy ny andian'ondry.
53 Notarihiny tamim-piadanana izy ireo ka tsy mba natahotra, fa ny fahavalony kosa dia voasaron'ny ranomasina.
54 Nitondra azy ho any amin'ny tany misy ny fitoerany masina Izy, dia ny tendrombohitra izay azon'ny tanany ankavanana.
55 Nandroaka ny Jentilisa teo anoloany Izy ka nanome ny tanin'ireny ho lova nozaraina tamin'ny kofehy fandrefesana, dia nampitoetra ireo fokon'ny Israely tao an-dainy avy.
56 Nefa naka fanahy an'Andriamanitra Avo Indrindra izy ka nikomy taminy ary tsy notandremany ny teny vavolombelony.
57 Nihemotra izy ka nivadika tahaka ny razany dia nania tahaka ny tsipika mamitaka ny mpampiasa azy.
58 Nampahatezitra Azy tamin'ny toerana fanaovany sorona izy sady nahasaro-piaro Azy tamin'ny sarin-javatra voasokitra.
59 Nandre izany Andriamanitra dia tezitra ka nolaviny mihitsy ny Israely
60 sady nahafoy ny tabernakeliny tao Silo Izy, dia ny tranolay izay naoriny teo amin'ny olona;
61 natolony ho babo ny heriny ary ho eo an-tanan'ny fahavalo ny voninahiny.
62 Dia nanolotra ny olony ho an'ny sabatra Izy ary tezitra indrindra tamin'ny lovary.
63 Ny zatovolahiny dia lanin'ny afo ary ny zatovovaviny dia tsy mba nisy nidera.

64 Lavon-tsabatra ny mpisorony, nefa tsy nisaona ny mpitondratenan'ireo.

65 Dia nifoha tahaka ny olona avy natory ny Tompo, tahaka ny lehilahy mahery izay miantsoantso azon'ny divay.

66 Namely ny fahavalony avy ao aorianany Izy ka nahafa-baraka azy mandrakizay.

67 Nanary ny tranolain'i Josefa Izy ary tsy nofidiny ny fokon'i Efraïma.

68 Fa nifidy ny fokon'i Joda kosa Izy, dia ny tendrombohitra Ziona izay tiany.

69 Nanao ny fitoerany masina ho tahaka ny havoana Izy, tahaka ny tany izay naoriny ho mandrakizay.

70 Nifidy an'i Davida mpanompony Izy ka naka azy avy tany amin'ny valan'ondry;

71 tany amin'ny fiandrasany ny ondrivavy mampinono no nakany azy mba hiandry an'i Jakoba olony sy Israely lovany.

72 Dia niandry ireo tamin'ny hitsim-po izy ka nitondra azy araka ny fahendren'ny tanany.

PSAUME 78 (S21)

1 Mon peuple, écoute mes instructions! Prête l'oreille aux paroles de ma bouche!

2 J'ouvre la bouche pour parler en paraboles, j'annonce la sagesse du passé.

3 Ce que nous avons entendu, ce que nous savons, ce que nos pères nous ont raconté,

4 nous ne le cacherons pas à leurs enfants; nous redirons à la génération future les louanges de l'Éternel, sa puissance et les merveilles qu'il a accomplies.

5 Il a établi un témoignage en Jacob, il a mis une loi en Israël, et il a ordonné à nos ancêtres de l'enseigner à leurs enfants

6 pour que la génération future, celle des enfants à naître, la connaisse, et que, devenus grands, ils en parlent à leurs enfants.

7 Ainsi, ils mettraient leur confiance en Dieu, ils n'oublieraient pas la manière d'agir de Dieu et respecteraient ses commandements.

8 Ainsi, ils ne seraient pas comme leurs ancêtres: une génération désobéissante et rebelle, une génération dont le cœur était inconstant et dont l'esprit n'était pas fidèle à Dieu.

9 Les hommes d'Ephraïm, armés de leur arc, ont tourné le dos, le jour du combat.

10 Ils n'ont pas gardé l'alliance de Dieu, ils ont refusé de se conformer à sa loi.

11 Ils ont oublié ses actes, les merveilles qu'il leur avait fait voir.

12 Devant leurs ancêtres, il avait fait des miracles en Égypte, dans les campagnes de Tsoan:

13 il avait fendu la mer pour les faire passer, il avait dressé l'eau comme une muraille.

14 Il les avait guidés le jour par la nuée, et toute la nuit par un feu éclatant.

15 Il avait fendu des rochers dans le désert, et il leur avait donné à boire en abondance.

16 Du rocher il avait fait jaillir des sources et couler de l'eau, comme des fleuves.

17 Mais ils ont continué à pécher contre lui, à se révolter contre le Très-Haut dans le désert.

18 Ils ont provoqué Dieu dans leur cœur en demandant de la nourriture à leur goût.

19 Ils ont parlé contre Dieu, ils ont dit: «Dieu pourrait-il dresser une table dans le désert?

20 Voici, il a frappé le rocher et l'eau a coulé, des torrents se sont déversés. Pourra-t-il aussi donner du pain ou fournir de la viande à son peuple?»

21 L'Éternel a entendu cela, et il a été irrité; un feu s'est allumé contre Jacob, et la colère a éclaté contre Israël

22 parce qu'ils n'ont pas cru en Dieu, parce qu'ils n'ont pas eu confiance dans son secours.

23 Il a donné ses ordres aux nuages d'en haut, et il a ouvert les portes du ciel;

24 il a fait pleuvoir sur eux de la manne comme nourriture, il leur a donné le pain du ciel.

25 Ils ont tous mangé ce pain des grands, il leur a envoyé de la nourriture à satiété.

26 Il a fait souffler dans le ciel le vent d'est, et il a amené par sa puissance le vent du sud.

27 Il a fait pleuvoir sur eux la viande comme de la poussière, et les oiseaux ailés comme le sable de la mer;

28 il les a fait tomber au milieu de leur camp, tout autour de leurs tentes.

29 Ils ont mangé et ont été pleinement rassasiés: Dieu leur a donné ce qu'ils avaient désiré.

30 Mais ils n'avaient pas encore assouvi leur désir, ils avaient encore la nourriture dans la bouche,

31 quand la colère de Dieu a éclaté contre eux: il a fait mourir les plus vigoureux, il a abattu les jeunes hommes d'Israël.

32 Malgré tout cela, ils ont continué à pécher et n'ont pas cru à ses merveilles.

33 Il a mis un terme à leurs jours d'un seul souffle, à leurs années par une fin soudaine.
34 Quand il les frappait de mort, ils le cherchaient, ils revenaient à Dieu, ils se tournaient vers lui.
35 Ils se souvenaient que Dieu était leur rocher, que le Dieu très-haut était celui qui les rachetait.
36 Cependant, ils le trompaient de la bouche, ils lui mentaient de la langue.
37 Leur cœur ne lui était pas fermement attaché et ils n'étaient pas fidèles à son alliance.
38 Pourtant lui, dans sa compassion, il pardonne la faute et ne détruit pas, il retient souvent sa colère et ne s'abandonne pas à toute sa fureur.
39 Il s'est souvenu qu'ils n'étaient que des créatures, un souffle qui s'en va et ne revient pas.
40 Que de fois ils se sont révoltés contre lui dans le désert! Que de fois ils l'ont irrité dans les lieux arides!
41 Ainsi, ils ont recommencé à provoquer Dieu, à attrister le Saint d'Israël.
42 Ils ne se sont pas souvenus de sa puissance, du jour où il les avait délivrés de l'ennemi,
43 des miracles qu'il avait accomplis en Egypte et de ses prodiges dans les campagnes de Tsoan:
44 il avait changé leurs fleuves en sang, et ils n'avaient pu en boire l'eau.
45 Il avait envoyé contre eux des mouches venimeuses qui les dévoraient et des grenouilles qui leur apportaient la dévastation.
46 Il avait livré leurs récoltes aux criquets, le produit de leur travail aux sauterelles.
47 Il avait détruit leurs vignes par la grêle, et leurs sycomores par la gelée.
48 Il avait abandonné leur bétail à la grêle, et leurs troupes à la foudre.
49 Il avait lâché contre eux son ardente colère, la fureur, la rage et la détresse, une troupe d'anges de malheur.
50 Il avait donné libre cours à sa colère: il ne les avait pas sauvés de la mort, il avait livré leur vie à la peste.
51 Il avait frappé tous les premiers-nés de l'Egypte, ceux qui étaient les aînés des enfants sous les tentes de Cham.
52 Il avait fait partir son peuple comme des brebis, il les avait conduits comme un troupeau dans le désert.
53 Il les avait guidés en toute sécurité, pour qu'ils soient sans crainte, et la mer avait recouvert leurs ennemis.
54 Il les avait amenés sur son saint territoire, jusqu'à la montagne que sa main droite avait conquise.
55 Il avait chassé des nations devant eux, leur avait distribué le pays en héritage et avait fait habiter les tribus d'Israël dans les tentes de ces peuples.
56 Mais ils ont provoqué le Dieu très-haut et se sont révoltés contre lui, ils n'ont pas respecté ses instructions.
57 Ils se sont éloignés et ont été infidèles comme leurs ancêtres, ils se sont retournés comme un arc trompeur.
58 Ils l'ont irrité par leurs hauts lieux, ils ont excité sa jalousie par leurs idoles.
59 Dieu a entendu cela, et il a été irrité, il a durement rejeté Israël.
60 Il a abandonné la demeure de Silo, la tente où il habitait parmi les hommes.
61 Il a livré sa puissance à l'exil, et sa parure entre les mains de l'ennemi.
62 Il a livré son peuple à l'épée, il s'est irrité contre son héritage:
63 le feu a dévoré ses jeunes gens, et ses vierges n'ont plus été célébrées;
64 ses prêtres sont tombés par l'épée, et ses veuves n'ont pas pleuré leurs morts.
65 Le Seigneur s'est éveillé comme un homme qui a dormi, comme un héros ragaillardi par le vin.
66 Il a frappé ses adversaires et les a fait reculer, il les a couverts d'une honte éternelle.
67 Il a rejeté la tente de Joseph, il n'a pas choisi la tribu d'Ephraïm,
68 mais il a choisi la tribu de Juda, le mont Sion qu'il aimait.
69 Il y a construit son sanctuaire, solide comme les hauteurs, comme la terre qu'il a établie pour toujours.
70 Il a choisi David, son serviteur, et l'a fait sortir des bergeries;
71 il l'a pris derrière les brebis qui allaitent pour faire de lui le berger de Jacob, son peuple, d'Israël, son héritage.
72 David les a dirigés avec un cœur intègre et les a guidés avec des mains habiles.

2 MPANJAKA 4 : 42 - 44 (MRV)

Ny nampitomboana ny mofo

42 Nisy lehilahy avy tany Baala-Salisa nitondra mofo avy amin'ny voaloham-bokatra ho an'ny lehilahin'Andriamanitra, dia mofo varimbazaha roapolo sy salohim-bary maitso tao an-kitapo. Hoy anefa i Elisa: Omeo ny olona ireny hohaniny.

43 Hoy ny mpanompony: Hataoko ahoana no fametraka ity eo anoloan'ny zato lahy? Ary hoy indray i Elisa: Omeo ihany ny olona hohaniny; fa izao no lazain'NY TOMPO: Hihinana izy, ary mbola hisy sisa tsy lany.

44 Dia narosony teo anoloany ka nihinana izy ireo, ary mbola nisy tokoa sisa tsy lany, araka ny tenin'NY TOMPO.

2 Rois 4 : 42 - 44 (S21)

42 Un homme arriva de Baal-Shalisha. Il apportait dans son sac du pain de la première journée pour l'homme de Dieu: 20 pains d'orge et de blé nouveau. Elisée dit: «Donnes-en à ces gens et qu'ils mangent.»

43 Son serviteur répondit: «Comment pourrais-je en donner à 100 personnes?» Mais Elisée répéta: «Donnes-en à ces gens et qu'ils mangent, car voici ce que dit l'Eternel: 'On mangera et il y aura des restes.'»

44 Il mit alors les pains devant eux. Ils mangèrent et laissèrent des restes, conformément à la parole de l'Eternel.

EFESIANA 4 : 1 - 6 (MRV)

Manorina ny tenan'i Kristy ao amin'ny firaisan-tsaina sy ny fifankatiavana

1 Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin'ny Tompo, dia mangataka anareo mba handeha mendrika ny fiantsoana izay niantsoana anareo

2 amin'ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemem-panahy, amin'ny fahari-po, mifandefitra amin'ny fitiavana,

3 mazotoa mitana ny firaisana avy amin'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana.

4 Iray ny tena ary iray ny Fanahy, dia araka ny niantsoana anareo ho amin'ny fanantenana iray;

5 iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batista,

6 iray Andriamanitra sady Rain'izy rehetra, izay ambonin'izy rehetra sy manerana azy rehetra ary ao amin'izy rehetra.

EPHÉSIENS 4 : 1 - 6 (S21)

L'unité de l'Esprit

1 Je vous encourage donc, moi, le prisonnier dans le Seigneur, à vous conduire d'une manière digne de l'appel que vous avez reçu.

2 En toute humilité et douceur, avec patience, supportez-vous les uns les autres dans l'amour.

3 Efforcez-vous de conserver l'unité de l'Esprit par le lien de la paix.

4 Il y a un seul corps et un seul Esprit, de même que vous avez été appelés à une seule espérance par votre vocation.

5 Il y a un seul Seigneur, une seule foi, un seul baptême,

6 un seul Dieu et Père de tous. Il est au-dessus de tous, agit à travers tous et habite en [nous] tous.

JAONA 6 : 1 - 15 (MRV)

Ny nampihinanan'i Jesosy ny dimy arivo lahy

1 Taorianan'izany dia lasa Jesosy nita ny ranomasin'i Galilia, dia ny ranomasin'i Tiberiasy izany.

2 Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy noho ny nahitany ny famantarana izay efa nataony tamin'ny marary.

3 Ary Jesosy niakatra tao an-tendrombohitra, dia nipetraka tao Izy mbamin'ny mpianany.

4 Fa efa akaiky ny Paska, ilay andro firavoravoan'ny Jiosy.

5 Ary Jesosy nanopy ny masonry ka nahita fa nisy vahoaka betsaka nanatona Azy dia hoy Izy tamin'i Filipino: Aiza no hividianantsika mofo hohanin'ireo?

6 Nataony izany mba hizahany toetra azy; fa Izy nahalala ihany izay efa hataony.

7 Dia namaly Azy i Filipino hoe: Na dia mofo vidina amin'ny denaria roanjato aza tsy ho ampy azy rehetra hananany kely avy.

8 Ny mpianany iray, i Andrea, rahalahin'i Simona Petera, dia nilaza taminy hoe:

9 Misy zazalahy manana mofo varimbazaha dimy sy hazandrano madinika roa atỳ, fa ho ampy inona moa izany amin'izao olona betsaka izao?

10 Fa hoy Jesosy: Asaivo mipetraka ny olona. Ary nisy ahitra be teo. Dia nipetraka ireo ka tokony ho dimy arivo ny isan'ny lehilahy.

11 Dia nandray ny mofo Jesosy; ary rehefa nisaotra Izy dia nizara izany tamin'izay nipetraka hihinana; ary ny hazandrano koa dia araka izay nilainy.

12 Rehefa voky ny olona dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Angony ny sisa tsy lany mba tsy hisy ho very.

13 Dia nangoniny ka nahafeno harona roa amby folo ny sombintsombin'ny mofo varimbazaha dimy, izay ambiny tsy lanin'ny mpihinana.

14 Ary hoy ireny olona ireny, rehefa nahita ny famantarana izay nataon'i Jesosy: Ity tokoa no ilay Mpaminany izay tonga eto amin'izao tontolo izao.

15 Rehefa fantatr'i Jesosy fa efa ho avy ny olona haka Azy an-keriny hataony mpanjaka dia lasa niala indray Izy irery nankany an-tendrombohitra.

JEAN 6 : 1 - 15 (S21)

Multiplication des pains pour 5000 hommes

1 Après cela, Jésus s'en alla de l'autre côté du lac de Galilée, ou lac de Tibériade.

2 Une grande foule le suivait, parce que les gens voyaient les signes miraculeux qu'il faisait sur les malades.

3 Jésus monta sur la montagne, et là il s'assit avec ses disciples.

4 Or la Pâque, la fête juive, était proche.

5 Jésus leva les yeux et vit une grande foule venir vers lui. Il dit à Philippe: «Où achèterons-nous des pains pour que ces gens aient à manger?»

6 Il disait cela pour le mettre à l'épreuve, car lui-même savait ce qu'il allait faire.

7 Philippe lui répondit: «Les pains qu'on aurait pour 200 pièces d'argent ne suffiraient pas pour que chacun en reçoive un peu.»

8 Un de ses disciples, André, le frère de Simon Pierre, lui dit:

9 «Il y a ici un jeune garçon qui a cinq pains d'orge et deux poissons, mais qu'est-ce que cela pour tant de monde?»

10 Jésus dit: «Faites asseoir ces gens.» Il y avait beaucoup d'herbe à cet endroit. Ils s'assirent donc, au nombre d'environ 5000 hommes.

11 Jésus prit les pains, remercia Dieu et les distribua [aux disciples, qui les donnèrent] à ceux qui étaient là; il leur distribua de même des poissons, autant qu'ils en voulurent.

12 Lorsqu'ils furent rassasiés, il dit à ses disciples: «Ramassez les morceaux qui restent, afin que rien ne se perde.»

13 Ils les ramassèrent donc et ils remplirent douze paniers avec les morceaux qui restaient des cinq pains d'orge après que tous eurent mangé.

14 A la vue du signe miraculeux que Jésus avait fait, ces gens disaient: «Cet homme est vraiment le prophète qui doit venir dans le monde.»

15 Cependant Jésus, sachant qu'ils allaient venir l'enlever pour le faire roi, se retira de nouveau sur la montagne, tout seul.